

30 mey 2010.
17 Sivan 5770.

Nahoana Jesosy no nampihemotra ny fiverenany?

"Ary hotorina amin'izao tontolo izao ity filazantsaran'ny fanjakana ity ho vavolombelona amin'ny firenena rehetra, dia vao ho tonga ny farany."(Matio 24: 14)

Tsy naniry hy hivezivezen'ny zanak'israely efaolo taona tany an'efitra Andriamanitra fa tiany ny tonga dia hitarika azy ireo ho any amin'ny tany kanàna ka hahita azy ireo voatokana sy feno fahasambarana. Kanjo *"tsy nahazo niditra izy ireo noho ny tsi-finoany."* (Hebreo 3: 19) . Nampianjera azy tany ny fimonomononany sy ny fivadihany koa dia niandry taranaka iray indray Andriamanitra haka ny tany nampanantenaina. Tsy fanirian'Andriamanitra koa raha maharitra ela ny fiverenan'i Jesosy ka mijanona an-taonany maro eto amin'ity izao tontolo feno fanaintainana sy tomany ity ny zanany. Fa ny tsi finoany no nampisaraka azy tamin'Andriamanitra. Rehefa nandà ny asa izay nasaina nataony izy dia nosoloina olon-kafa. Famindram-po ho an'izao tontolo izao no nanemoran'i Jesosy ny fiaviany mba hananan'ny mpanota fotoana handrenesana ny fampitandremana ka hahita eo Aminy fialofana rehefa tonga ny andro fahatezeran'Andriamanitra. -- *Tragédie des siècles* p. 496-497.

Lavalava ny alina maizina mampangitakitaka saingy nahemotra ny maraina noho ny fiheverana antsika. Satria raha avy izao ny Mpampianatra dia maro reo izay voan'ny tampoka tsy ampoizina. Tsy tian'Andriamanitra ho very ny vahoakany, izay no anton'io fahataràna ela io. -- *Testimonies* vol. 2, p. 194 (Publ. 1868). "*Ny fanambaràn-tsika ny filazantsara no mahafaingana ny fiverenan'i Jesosy*"-- *Jésus-Christ*, p. 634 (Publ. 1898).

Raha nanatanteraka ny drafitr'Andriamanitra ny vahoakany ka nanome ho an'izao tontolo izao hafatra famindram-po dia efa niverina i Kristy ary efa nanitsaka ny tokotanin'ny tanàna ny lanitra ny olo-masina. -- *Testimonies* vol. 6, p. 450 (1900)

"Mety mbola hijanona aman-taonany maro eto isika noho ny tsy fankatoavan-tsika tahaka izay nanjo ny zanak'israely, saingy noho ny fitiavan'i Kristy dia tsy tokony hanampy fahotana amin'ny fahotana ny vahoakany ka manisa ho an'Andriamanitra izay tsy inona fa ny vokatra ny safidy ratsiny ihany." -- *Lettre* 184 (1901)

"Fantatro fa raha nanana firaisana lalina tamin'Andriamanitra ny vahoakany, raha nankatò ny teniny izy dia efa tonga tany amin'ny Kananan'ny lanitra izy ankehitriny."- *General Conference Bulletin* 30 mars 1903.

"Tsy ho an'ny mpitandrina irery ihany no hiantoroka io asa io. Antsoina hiasa ho amin'ny famonjena ny hafa ireo izay nanaiky an'i Kristy ho Tompo sy Mpamonjy ny tenany manokana. Iza no vakintsika ao amin'ny bokin'ny Apokalipsy: "Ny Fanahy sy ny ampakarina manao hoe: Avia; ary aoka izay mahare hanao hoe: Avia." Andraikitry ny fiangonana manontolo no mampita io fanasàna io. Ireo izay nahare io fanasàna io dia tokony hampanakoako ny hafatry ny lanitra tsy miato ary hamerina hoe "Avia" "-- *Conquérants Pacifiques* p. 97.

"Fa nahoana no tsy misy firy ny mamaly ny antsony?" Mieritreritra ve hoe voaala tsiny izy ireo satria tsy miakatra eny amin'ny polipitra? Aoka ho fantany fa misy asa goavana miandry any ivelan'ny polipitra ho an'ny mambra tsotra an'arivony voahosotra. Efa ela Andriamanitra no niandry ny fiangonana mba hisy fanahy tia manompo hameno ny tsirairay ka hiroso hiasa ho Azy araka ny talentany izy ireo. Rehefa manatanteraka ny asa nomena azy izay mifanaraka amin'ny asa fitoriana ny filazantsara izay nankinina taminy ny mambra dia ho vonton'ny filazantsara izao tontolo izao ka ho tonga amin-kery sy amim-boninahitra lehibe ny Tompo. "-- *Conquérants pacifiques* p. 97

"Raha toa ka nanatanteraka ny andraikiny ny miaramilan'i Kristy tsirairay; raha toa ka nitsòka ny anjomarany teo amin'ny rindrin'i Siona ny mpiambina tsirairay, dia ho efa naheno ny hafatra fampitandremana izao tontolo izao. Kanjo tara antaonany maro ny asa satria matory ny olona, hihoaran'i Satàna lavitra ny olona ka manohy ny asany izy." -- *Témoignages pour l'église* Vol. 3 p.354 .

"Tsisy varany ny fitoriana ny filazantsara raha tsy eo ny fanatrehana tsy ankiato ny Fanahy Masina. Izy irery no hany afaka mampianatra ny fahamarinana avy any an-danitra. Tsy manetsika ny feon'ny fieritreretana ny fahamarinana ka manova ny fiainana raha tsy hampidirin'ny Fanahy ao am-po. Mety hoe afaka mampiseho ny Tenin'Andriamanitra isika, mety zatra ireo didin'Andriamanitra rehetra isika sy ireo teny fikasàna raketiny, nefa raha tsy nampidirin'ny Fanahy Masina ao am-po ny fahamarinana dia tsy ho voatorotoro eo amin'ilay vatolampy isika. Na fari-pahalalàna inona na tombotsoa manao ahoana dia tsy ahafahan'ny olona iray mampita ny fahazavàna raha tsy misy fiaraha-miasa amin'ny Fanahy Masina izany. Tsy afaka manaparitaka ny voan'ny filazantsara sy hahomby isika raha tsy tondrahan'ny ando avy any an-danitra." -- *Jésus-Christ* p. 675

"Nomen'Andriamanitra asa hatao ho amin'ny fanjakàny ny olona tsirairay avy. Tsy tokony hankinina irery amin'ny mpitandrina ny asa fitoriana ny filazantsara . Ny fanahy tsirairay avy dia tokony handray anjara mavitrika amin'ny fampandrosoana ny asan'Andriamanitra." -- *Review and Herald* 21 fév. 1893

